



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FITONDRAN-DRAHARAHAN'NY LALANA

**SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALANA SY NY FIVORIANA
FOTOAM-PANAOVAN-DALANA FAHAROA
AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA**

TAONA 2020

FAMINTINANA IREO RIJAN-TENY LANY

NANDRITRA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA
(NY 04-03-20 HATRAMIN'NY 16-03-20)

16 MARSÀ 2020

Volavolan-dalàna lany (03)

| N° | Lohateny | Famintinana |
|----|---|--|
| 01 | <p>Lalàna laharana faha-2020-001 ankatoavana ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 tamin'ny 28 jolay 2019, <i>laharana faha-2019-012</i> ary laharana faha-2019-013 tamin'ny 15 jolay 2019 <i>manafoana avy ireo fepetra rehetra ao amin'ny Lalàna laharana faha-2017-011</i> tamin'ny 28 jolay 2017 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Sarimihetsika sy ny Sary miaina, ny Lalàna laharana faha-97-035 tamin'ny voalohan'ny volana desambra 1997 ananganana ny Tahiry fikojakojana ny Lalana ary ny Lalàna laharana faha-2005-046 tamin'ny 24 avrily 2005 ananganana ny Manamahefa momba ny Lalana</p> <p><i>Fivoriambe :</i> <i>Antenimierampirenena :05-03-20</i> <i>Antenimierandoholona : 11-03-20</i></p> | <p>Ity lalàna ity izay ankatoavana ny <i>Hitsivolana laharana faha- 2019-008</i> tamin'ny 28 jolay 2019, <i>laharana faha-2019-012</i> ary <i>laharana faha-2019-013</i> tamin'ny 15 jolay idia manafoana avy ny fepetra rehetra ao amin'ny :</p> <ul style="list-style-type: none"> - <i>Lalàna laharana faha-2017-011</i> tamin'ny faha-28 jolay 2017 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Sarimihetsika sy ny Sary miaina. Vokat'izany, mandra-pisian'ny rijan-teny vaovao mifehy ny sehatry sarimihetsika malagasy sy ny Sary miaina, dia apetraka tanteraka eo ambany fifehezan'ny Minisitera misahana ny Kolontsaina ny fitantanana ny mpiasa, ny fananana, ny vola ary koa ireo raharaha nosahanin'ny Ofisy Malagasin'ny Sarimihetsika (OMaCI) teo aloha. - Lalàna laharana faha-97-035 tamin'ny voalohan'ny vola desambra 1997 ananganana ny Tahiry Fikojakojana ny Lalana. Vokat'izany, ny fananan'ny Tahiry Fikojakojana ny Lalana dia atolotra ny Tahirin'ny Lalana izay misolo azy; - Lalàna laharana faha-2005-046 tamin'ny 24 avrily 2005 ananganana ny Manamahefa momba ny Lalana. Hatolotra ny Birao misahana ny Lalana ny fananan'ny Manamahefa momba ny Lalana eto Madagasikara. |
| 03 | <p>Lalàna laharana faha-2020-002 entina mankatò ny Hitsivolana laharana :</p> <ul style="list-style-type: none"> - <i>faha-2019-001</i> tamin'ny 10 mey 2019 mikasika ny Fananana eo amin'ny lafiny lalana; | <p>Ity lalàna ity no ankatoavana :</p> <ul style="list-style-type: none"> - ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-001</i> tamin'ny 10 mey 2019 mikasika ny Fananana eo amin'ny lafiny Lalana izay manolo ny lalàna laharana faha-98-026 tamin'ny 20 janoary 1999 anavaozana ifotony ny Satan'ny lalana; |

| | | |
|-----------|---|---|
| | <p>- <i>faha-2019-007</i> tamin'ny 06 jona 2019 mikasika ny Andrin'ny Mari-boninahitra ;</p> <p>- <i>faha-2019-015</i> tamin'ny 15 jolay 2019 mikasika ny fanangonana ireo fananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna.</p> <p><i>Fivoriambe :</i> <i>Antenimierampirenena : 05-03-20 sy 12-03-20</i> <i>Antenimierandoholona : 13-03-20</i></p> | <p>- ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-007</i> tamin'ny 06 jona 2019 mikasika ny Andrin'ny Mari-boninahitra manamora kokoa ny fahafahana misitraka ny Andrin'ny Mari-boninahitra malagasy satria nihena dimy taona ny fahelana takina amin'ny fisitrahana ny Andrin'ny Mariboninahitra izay lasa 40 taona raha 45 taona izany teo aloha. Toraka izany koa ny fahelana eo amin'ny andraikitra sivily na miaramila izay lasa 15 taona raha 20 taona izany teo aloha.</p> <p>- ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-015</i> tamin'ny 15 jolay 2019 mikasika ny fanangonana ireo fananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna izay manisy lanjany ny fanagiazana na fakana, alohan'ny fitsarana, ny fananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna. Misy ny Biraon'ny fanangonana ireo harena azo avy amin'ny tsy ara-dalàna ajoro ho amin'izany.</p> |
| <p>02</p> | <p>Volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 febroary 2020 entina mankatò ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-002</i> du 15 mey 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny lalàna fehizoro mikasika ny fitondrana amin'ny ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka ; ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-006</i> tamin'ny 28 mey 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova ny fepetra sasantsasany amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2015-007 tamin'ny 03 marsa 2015 andraiketana ny fitsipika</p> | <p>lty volavolan-dalàna ity no ankatoavana :</p> <p>- ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-002</i> du 15 mai 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny lalàna fehizoro mikasika ny fitondrana amin'ny ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka izay mamaritra mazava ny famaritana ny fampielezan-kevitra, ny fandrarana sy ny famepetrana ampiharana ireo olona misahana asa aman'andraikitra sivily sy miaramila;</p> <p>- ny <i>Hitsivolana laharana faha-2019-006</i> tamin'ny 28 mey 2019 mikasika ny Lalàna fehizoro manova ny fepetra sasantsasany amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2015-007 tamin'ny 03 marsa 2015 andraiketana ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierandoholona ary koa ny fombafomba fifidianana sy anendrena ireo mpikambana ao amin'ny</p> |

| | |
|--|---|
| <p>mikasika ny fampandehanana ny Antenimierandoholona ary koa ny fombafomba fifidianana sy anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholon'i Madagasikara, ary ny <i>Hitsivolana laharana faha- 2019-009</i> tamin'ny 5 jolay 2019 tamin'ny 15 jolay 2019 manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna manova ny Lalàna laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny Fehezan-dalana mifehy ny Harena ankibon'ny Tany.</p> <p>Fivoriambe : Antenimierampirenena :05-03-20 sy 12-03-20 Tsy nolanian'ny Antenimierandoholona ity volavolan-dalàna ity.</p> | <p>Antenimierandoholon'i Madagasikara izay mametra ho valo ambin'ny folo (18) ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholona ka ny roa ambin'ny folo (12) dia olom-boafidy fa ny enina kosa dia tendren'ny Filohan'ny Repoblika;</p> <p>ny Hitsivolana laharana faha-2019-009 tamin'ny 5 jolay 2019 tamin'ny 15 jolay 2019 manova sy mameno ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna manova ny Lalàna laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny Fehezan-dalana mifehy ny Harena ankibon'ny Tany izay mampiditra ny famaritana ny «fandikan-dalàna eo amin'ny lafiny fitantanan-draharaha » amin'ny fanazavana misimisy kokoa ny fandoavana ny fifampiraharana ara-bola (transaction). Omena fepotoana 72 ora ny olona heverina ho nanao fahadisoana mba hahafahany mikarakara ireo taratasy azo anaporofona ny maha-ara-dalàna azy manoloana ny Fehezan-dalàna momba ny Harena ankibon'ny tany sy ireo rijan-teny fampiharana izany.</p> |
|--|---|